
## Dingana 4 amin'ny teknika fambolem-bary zanatany:

# FANAMBOARANA FANAFODY NATIORALY IADIANA AMIN'NY BIBIKELY







**Ny Zavatra ilaina :**

- amanin'omby 1 famatra
- tain'omby 3 famatra
- ravi-maintso mahery fofona na mangidy na masiaka 2 famatra
- ranom-pary 1L
- Lavenona na dolomie 1/2famatra
- rano 4 famatra
- ravina 5 karazany fara fahakeliny

Afangaro anaty fitaovana lehibe iray (ohatra bàrika).




Arona tsara ary atao lavidavitra ny tanana hialana amin'ny fofona.



Hidina tsara ilay bàrika;


Haroina matetika: isaky ny 2 na 3 andro rehefa vita dia saromana

Avela hilona mandritra ny 21 andro.



Rehefa vita ny 21 andro dia tatavanina ny zezika azo :

- Ny ranony ho ampiasaina dia azo tehirizina anaty bidon mavo
- Ny faikany kosa dia azo atao sakafon'ny kankana.





**Fampiasana azy :**

Mahery tsara ilay fangaro ka mila tapohina rano aloha vao ampiasaina amin'ny voly. 1fatra amin'ilay fangaro dia tapohina rano 10 fatra.
Asiana vovontsavony 1 sachet na savony gasy voatetika madinika (mba hanampy ny heriny)


Afangaro tsara ary atondraka amin'ny fototry ny zava-maniry.






Afaka ny fividianana fanafody simika iadiana amin'ny bibikely izay sady mandany vola no manimba ny tontolo iainana.







**Tombony :**

Ny fampiasana ny famonoana bibikely natoraly sy ny zezika ranony dia:
- afahanao manana tahirim-bola noho ianao tsy mividy simika.
- Mitondra fasalamana ka tsy manatona dokotera lava ianao sy ny ankohonanao
- ahazohanao tombony raha toa ka hivarotra izany ianao.


Pour plus d'informations, appelez-le **+261 32 05 822 64** ou envoyez un e-mail au **contact@osdrm.mg**.

*Organisation de Soutien pour le Développement Rural à Madagascar (OSDRM). Un programme de la Fondation Aga Khan*
*Immeuble APPEL 2ème étage porte droite - Lot II L 111 ED - Ankorondrano*



**Produced by :**
HAY Creatives
*https://haycreatives.com*
*hay.creatives@gmail.com*
*+261327599999*